# Fampianarana momba ny fanohanana ireo voantso hitarika

## Fizarana 1

Nampianatra izao ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



> Ny mpitarika anareo ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo dia mety ho malemy sy toa olombelona ihany raha ny fijerinareo azy, na mety ho hitanareo fa toa matanjaka na entanim-panahy. Ny marina dia fitambaran'ireo toetoetra ireo sy ny maro hafa ny mpitarika rehetra. Manampy an'ireo mpanompon'ny Tompo izay nantsoina hitarika antsika isika rehefa afaka mahita azy ireo tahaka ny nahitan'ny Tompo azy ireo tamin'ny fotoana niantsoany azy.
>
> Mahita tanteraka ny mpanompony ny Tompo. Hitany ny hery hahafahana mahavita zavatra izay ananany sy ny hoaviny. Ary fantany ny fomba azo hanovana ny toetra ara-boajanaharin'izy ireo. Fantany ihany koa ny fomba azo hanovana azy ireo amin'ny alalan'ny traikefa azon'izy ireo miaraka amin'ireo olona tarihiny. . . .
>
> . . . Raha mino ianao fa mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanambarana omena an'ireo mpanompo tsy tonga lafatra antsoiny ny Tompo, dia hanokatra ny varavaran'ny lanitra ho azy ireo, tahaka ny hanokafany izany ho anao ny Tompo. (Henry B. Eyring, "Mitarika ny Fiangonany ny Tompo," *Liahona*, nôv. 2017, 83–84)

## Fizarana 2

Ny Rahalahy Stephen W. Owen, izay Filohan'ny Zatovolahy maneran-tany teo aloha, dia nilaza hoe:



> Hisy fotoana eo amin'ny fiainanareo izay iantsoana anareo mba hitarika. Amin'ny fotoana hafa ianareo dia ho antenaina mba hanaraka. Saingy ny hafatro ho anareo anio dia na inona na inona antso ananareo, dia mpitarika foana ianareo, ary mpanara-dia foana ianareo. Ny fitarihana dia fanehoana ny maha-mpianatra. Izany dia resaka fanampiana fotsiny ny hafa hanatona an'i Kristy, izany no ataon'ny tena mpianatra. Raha miezaka ny ho mpanara-dia an'i Kristy ianareo dia afaka manampy ny hafa hanaraka Azy ary afaka ho mpitarika ianareo.
>
> Ny fahaizanareo mitarika dia tsy avy amin'ny toetra izay mahay mifandray amin'olona, na ny fahaiza-manentana, na ny fahaiza-miteny eo imason'olona akory aza. Izany dia avy amin'ny fanolorantenanareo hanara-dia an'i Jesoa Kristy. (Stephen W. Owen, "Izay mpitarika lehibe indrindra no mpanara-dia lehibe indrindra," *Liahona*, mey 2016, 75)

## Fizarana 3

Vakio ireto andininy manaraka ireto:

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:22 (Jereo ireo fomba ampianaran'io andininy io antsika mba hanohananana ny Fiadidiana Voalohany. Eritrereto ny fomba azo hampiharana ireo fomba hanohanana ireo amin'ny antso hafa koa.)

Eksodosy 17:9–12 (Jereo ny fomba nanohanana an'i Mosesy rehefa niady tamin'ny vahoakan'i Amaleka i Isiraely.)

## Fizarana 4

Ny Rahalahy Stephen W. Owen izay filohan'ny Fiadidian'ny Zatovolahy maneran-tany teo aloha dia nampianatra izao:



[I Jesoa Kristy] no mpitarika lehibe indrindra *satria* Izy no mpanara-dia lehibe indrindra. Nanaraka ny Rainy tanteraka Izy tamin'ny zavatra rehetra. (Stephen W. Owen, "Izay mpitarika lehibe indrindra no mpanara-dia lehibe indrindra," *Liahona*, mey 2016, 75)

Rehefa mamaky ireo andininy ireo ianao dia jereo ny fomba nanarahan'i Jesoa ny Rainy sy ny fomba nampaherezana an'i Jesoa rehefa nanao izany Izy.

Lioka 22:41–43

Jaona 12:49–50



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_556-1